

# BATISAN' NY FANAHY MASINA

(Baptism of the Holy Ghost)

AN-TAPITRISANY MARO NY OLONA EFA NANDRAY IO FAHATSAPANA IO. AHOANA KOSA NY AMINAO ?

Betsaka ny olona liana te-hahazo bebe kokoa ny momba an' io fahatsapana arapanahy mabagaga io, izay andry iankinan' ny faimpia- naran' ny Apostoly. Andeha ary hofakafakaintsika ny momba azy io.

## IREOZAVA-MISY VOAPOROFO FA MARINA

Ny Fanahy Masina dia Andriamanitra (*Jaona 4: 24*). Mba hahatongavana ho vahoaky ny fanjakan' Andriamanitra, dia nambaran' i Jesosy fa tsy maintsy "ateraky ny rano sy ny FANAHY..." (*Jaona 3: 3-5*). Ny ateraky ny Fanahy dia ny fandraisana ny batisan' ny Fanahy ihany. Ny Apostoly Petera dia nahazo izany tsara raha nilaza izao teny izao tamin' ny vahoaka tao Jero- salema izy : "...aoka samy hatao batisa amin' ny anaran' i Jesosy Kristy ianareo rehetra mba bahazo famelana ny helokareo ; ary hianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina" (*Asa 2 : 38*).

Ny Jiosy dia nandray an' io fahatsapana io. tamin' ny Pentekosta (*Asa 2: 1-4*). Nandray azy koa ny Samaritana (*Asa 8: 15-17*) sy ny Jentilisa (*Asa 10 : 44-48*). Izany dia mampiseho tsara fa ny olona rehetra - na iza na iza - dia afaka man- dray ny Fanahy Masina. Ny fahateraham-baovao amin' ny rano sy ny Fanahy dia tsy natao hisafidianana sy bamaivanina mihitsy. "TSY MAINTSY..." hoy Jesosy ao amin' i Jaona 3: 5. Raba tsy ateraky ny Fanahy ny olona, dia tsy azo antsoina hoe "zanak' Andriamanitra". Fa voasoratra boe : "Fa raha misy kosa tsy manan; ny Fanahin' i Kristy, dia tsy Azy izy" (*Romana 8:9*)

Ny andininy faha-14 dia milaza hoe : "Fa izay tarihin' ny Fanahin' Andriamanitra no zanak' Andriamanitra"

## NY TOMBONTSOA

Tena tombontsoa lehibe mihitsy ny fahatsa-pana ny fahafahan' ny fanahy sy ny fisehony amin' ny batisan' ny Fanahy Masina. Tsy misy fabatsapana tabaka izany. "Tsy azo oharina" no azo ilazana azy. Tafafindra niala avy tao amin' ny fahafatesana ho amin' ny fiainana ny olona rehefa mandray azy. Fiovana tanteraka no hita. Manana toerana foana "araka ny endrik' Andriamanitra" ny fanahiny ka tsy misy zavatra hafa sabaza na mahafa-po azy. Ny batisan' ny Fanahy ibany no manome fabafaham-po tante-raka ho an' izay rehetra irian' ilay fanahy. Ao amin' io fahatsapana io no ahitana fahafahampo.

## NY POROFO

Ny porofo voalohany indrindra ety ivelany abafantarana ny fandraisana ny batisan' ny Fanahy Masina dia ny "fitenenana amin' ny fiteny tsy fantatra". Hatramin' ny fotoana nian-tombohan' ny, fiangonana, dia ny fitenenana amin' ny fiteny tsy fantatra no fahatsapana mia-raka amin' ny batisan' ny Fanahy. Tamin' ny andro nahaterahan' ny fiangonanà (*tamin' ny Andro Pentekosta*), dia roapolo amby zato teo ho eo no nirotsahan' ny Fanahin' Andriamanitra ka "nanomboka niteny tamin' ny fiteny tsy fantatra, araka izay nampitenenin' ny Fanahy azy" (*Asa 2: 1-4*). ao amin' ny Asa 10: 48, ny kapiteny iray sy ny ankohonany dia nandray an' io fahatsapana ara-panahy io koa, sady niteny tamin' ny fiteny tsy fantatra. Ao amin' ny Asa 19 : 1-6, dia misy mpianatr' i Jaona Mpanao-batista vitsivitsy nan-dre ny amin' ny Fanahy Masina tamin' ny alalan' ny Apostoly Paoly, ka dia feno, "...ary niteny tamin' ny fiteny tsy fantatra izy".

Tsy misy tenin' olombelona mahalaza ny fifaliam-be tsapa ao amin' ny batisan' ny Fanahy. Betsaka angamba ireo antony hafa nifidianan' Andriamanitra ny fitenenana amin' ny fiteny tsy fantatra ho porofo voalohany an' io batista ara-panahy io. Famantarana ivelany ihany io, kanefa misy koa ireo izay mijery fahafenoana ao anaty (*Asa 10 : 46*). Porofo iraisana na itovian'ny rehetra izy io - ny mpianatra rehetra tamin' ny Andro Pentekosta, ry Kornelio mianakavy, ny mpianatra rehetra tany Efesosy, dia samy niteny tamin' ny fiteny tsy fantatra. Tsy maintsy ho toy izany koa izay rehetra ateraky ny Fanahy. Ny fitenenana amin' ny fiteny tsy fantatra dia mampiseho ny fifehezan' ny Fanahy tanteraka ny sitrapon' ny nofon-tsika. Ny lela no rantsan' ny tena tsy azo fehezina indrindra, ka ny famolahan' Andriamanitra azy dia porofon' ny Fifehezany tanteraka. Aoriana kelin' ny fitenenana amin' ny fiteny tsy fantatra, dia ny "vokatry ny Fanahy" koa no famantarana fa mitoetra ao anatin' ny fiainantsika ny Fanahy. Hoy Paoly ao amin' ny Galatiana 5: 22-23 : "Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, faha moram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemam-panahy ; tsy misy lalàna manohitra izany"

## NY TENY FIKASANA

Moa ve ny batisan' ny Fanahy Masina ho an' ireo Apostoly na ireo mpianatra voalohany ihany ? Moa ve olona voafidy vitsivitsy ihany no mahazo azy amin' izao fotoana izao ? TSIA. Nambaran' ny Apostoly Petera mazava tsara tamin' ny hafany tamin' ny Andro Pentekosta, fa ny fanomezana - dia ny Fanahy Masina – dia ho an' ny olona rehetra : "Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin' ny. anaran' i Jesosy Kristy hianareo rehetra mba hahazofamelana ny helokareo ; ary hianareo handray ny fanomezana dia ny Fanahy Masina : fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ho an' izay rehetra lavitra na iza na iza hantsoin' i Jehovah Andria- mani-tsika hanatona ·Azy" (*Asa 2: 38, 39*). Ny fankatoavantsika an' i Jesosy Tompo sy ireo tenin' ny Filazantsarany no ahatsapantsika izany fahatspana mahafaly indrindra izany. "Koa amin' ny fifaliana no hantsakanareo rano amin' ny loharanom-pamonjena" (*Isaia 12 : 3*).

Tadiavo ary Jesosy anio, fa "...Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy Izy" (*Hebreo 11 : 6*). "He ! hianareo rehetra izay mangetaheta, mankanesa. amin' **ny rano...**" (*Isaia 55 : 1*). Ho anao izay mamaky ity trakitra ity indrindra izany. Afaka bandray ny batisan' ny Fanahy Masina koa ianao ! Ka ho porofon' izany, dia hiteny amin' ny fiteny tsy fantatra ianao.

Izahay koa dia vavolombelona efa nahatsapa, efa nandray izany batisan' ny Fanahy Masina izany. Koa raha mba te-hanana izany fahatsapana mahafinaritra izany ianao, dia manasa anao amim-pitiavana izahay mba ho avy hitsi- dika ny fiangonanay.

**TONGA VA SOA, TOMPOKO!**